Ny Valosoa sy hadihady

Rajoelina Andry

Manao tantara ka ho tsarain'izany ato ho ato

Tena te-hanova ny tantara eto amin'ity Firenena ity marina ny filohan'ny Repoblika Rajoelina, ka izay nataony sy ataony ary mbola hataony dia tsy mbola nisy nanao mihitsy ireo filoha nifandimby teto nandritra ny enimpolo taona lasa. Tsapa tamin'ny tranga rehetra, fa tsy nanaraka ny efa nahazatra sy nofaritan'ny fiarahamonina ny nataony rehetra. Nanomboka tamin'ny fianianana tsy nisy Baiboly izany. Ny alin'iny andro iny ihany dia nitranga ny fianjeran'ny vato be teny Ampahamarinana. Fambara ratsy sahady izany satria nanao ny tsy fanao ity filohan'ny Repoblika ankehitriny ity. Tsy ela taorian'iny tranga iny dia nanangana ny "Colisée" teny amin'ny Rovan'i Manjakamiadana izy ary nomeny anarana vaovao ity Lapa ity dia ny hoe Rovan'i Madagasikara. Niteraka fanoherana goavana teo amin'ireo taranaka Andriana, tsy avy eto Imerina ihany fa hatramin'ireo avy any amin'ny Faritra izany. Tsy mahagaga satria tsy io ihany ny Rova aty Afovoantany, fa misy koa any amin'ny Faritra misy Ampanjaka rehetra (Tranobe) any, koa maninona no saika nomena izany anarana izany ity eto an-drenivohitra ity. Fanitsakitsahana sy fanaovana tsinontsinona ny kolontsaina sy soa toavina manerana ny Nosy izany. Tsy vitan'izay fa asa na niniany nodisoana na tena te-hanova ny tantara marina ny filohan'ny Repoblika, ka hatramin'ny toerana sy ny fomba namonoana ilay maritiora kristiana malagasy, Rasalama, koa no novany ary nolazainy fa navarina teo Ampahamarinana ity Maritiora ity. Tsara raha hampahafantarina ny taranaka aty aoriana fa nolefonina teny Ambohipotsy i Rasalama maritiora. Nivatravatra ihany koa Rajoelina Andry raha nitafa tamin'ny mpanao gazety vahiny iray, fa ny famerenana (restitution) ireo Nosy Malagasy no notakiany. Tsiahivina anefa fa efa fiaraha-mitantana no resaka tamin'ny fitondrana Rajaonarimampianina. Saika te-hanova ny tantara izy momba ity resaka ity, satria nanambara fa izy irery no sahy nitaky ny famerenana ireo Nosy ireo, fa ny mpitondra rehetra teo aloha dia tsy nisy sahy nanao izany. Nanambara ihany koa izy fa efa nanao voady hono, ka na inona na inona mitranga dia hijoro sy hitaky ny famerenana amin'ny Malagasy ireo Nosy ireo izy. Tsy afaka nanova ny tantara momba ireo Nosy ireo indray koa izy na dia tamin'ny diany farany tany Lafrantsa teo aza. Nanao lanonana tamin'ny "diaspora" nifangaro tamin'ny delegasiona nentiny avy aty Madagasikara Rajoelina Andry taorian'ny fihaonany tamin'ny filoha frantsay. Hanova ny tantaran'ireo teratany Malagasy monina any Lafrantsa izy, ka hisy ny lalàna hatao hahafahan'izy ireo hifidy amin'ny taona 2023. Momba ny fitantanana ny Firenena dia maro ireo tranga mampiseho, fa tsy mbola nisy nanao toy izany teto amin'ny Firenena taty aorian'ny namerenana ny fahaleovantena. Tsy mbola nisy sahy nanitsakitsaka Lalàmpanorenana ireo Filoham-pirenena na Lehiben'ny fitondram-panjakana, satria nihiniana fa hitandrina izany toy ny anakandriamaso. Tantara tsy azo kosehina eo amin'ny fiainam-pirenena ny fandalovan'ny valanaretina covid-19 ary torak'izany koa ny fametrahana ny hamehana ara-pahasalamana izay araraotin'ny fitondrana Rajoelina Andry izay tiany atao. Ny zava-doza dia izy no miandraikitra ny raharaha rehetra manomboka any amin'ny rafi-pitantanana farany ambany, ka hatrany amin'ny faratampony. Araka izany dia miandry baiko avy any aminy ny tomponandraikitra rehetra vao sahy manao zavatra. Tena saika fanovana tantara lehibe no nitranga teto raha afaka nampidina ny vidin'ny entana tao anatin'ny telo andro tokoa ireo minisitra manana andraikitra mifanandrify amin'izany. Iaraha-mahalala fa resaka izany fa tsy misy fieritreretana velively ny mety fomba entina manatanteraka izany. Ny tranga farany entina manamarina ity làlan-tsaina hanova ny tantara ity ilay fahatezeran'ny filohan'ny Repoblika tamin'ny Federasiona Malagasin'ny Baolina kitra noho ilay fandraran'ny CAF ny fisian'ny mpijery tamin'ny lalao nifanandrinan'ny Barea sy Benin. Raha ny vaovao navoakan'ireo gazety mpomba ny fitondrana dia Rajoelina Andry no nahazo alàlana hahazoan'ny mpijery iray alina mijery ny lalao. Ny marina dia nekena niditra tao Mahamasina ny mpijery efa nahazo ilay tapakila efa nozaraina taloha raha Rajoelina Andry tokoa no nomena ny alàlana, saingy tsy maintsy nosoloina tapakila nisy fitomboky ny CAF izany vao nahazo niditra ny kianja ny olona. Araka izany dia tsy ny tantaran'ny Firenena velively no miova fa ny tantaran-dRajoelina Andry, ka tsy azo kosehina mihitsy izany ary izy ihany no ho tsarain'izany, satria izy hatrany no mpisehatra mampisongadin-tena indrindra (jouer le rôle principal) eo amin'ny horonan-tsarin'ny fiainam-pirenena.

Andry Tsiavalona

Resy tao ambalany ny Barea

Tsy nahomby ny tsodranon-dRaprezy

Efa iaraha-mahalala fa dia resy tao ambalany ny Barean'i Madagasikara, raha nifandona tamin'ny mpilalaon'i Benin, teo amin'ny minitra faha 22 no nahatafiditra baolina ry zareo vahiny, dia tsy niova intsony io isa io.

Tao anatin'ny alahelo sy ny hakiviana no nandraisan'ny vahoaka malagasy iny vokatra iny. Nanao izay ho afany ireo mpilalao nalahatry ny mpanazatra Eric Rabesandratana, saingy tsy nambinina.

Amin'ny fotoana ahazoana faharesena toy izao no ilaina ny fandinihantena eo amin'ireo tompon'andraikitra voakasik' iny lalao iny. Misy ireo sokajin'olona izay manilika ny fahavoazana avy hatrany any amin'ny mpanazatra Eric Rabesandratana, ka mahasahy miantsoantso hoe "avereno i Nicolas Dupuis". Tsy azo lavina aloha fa manana andraikitra amin'ny faharesena ny mpanazatra ary tsy afa-miala amin' izany izy, kanefa tsy azy irery ny andraikitra, satria be loatra ny resaka nifamahofaho talohan'iny lalao iny, izay tsorina fa tsy maintsy nisy ihany ny voka-dratsiny teo amin'ny toe-tsain'ny mpilalao na dia tamin'ny ampahany kely aza. Kanefa izay ampahany sokajiana ho bitika sy maivana izay dia goavana be rehefa miatrika lalao goavana.

Ny kapitenin'ny Barea, Abel Anicet Andrianantenaina dia efa nanambara fa hilalao baolina hiaro ny voninahi-pirenena no nahatongavan'ireo mpilalao eto an-toerana fa tsy sanatria tonga ho fitaovana politika hanatsara endrika ny mpitondra na ny ankolafy politika isan-karazany.

Ny fanambarana nataon-dRaprezy Andry Rajoelina teny Ivato dia efa nampitsanga-menatra ireo mpilalao izay niray fiaramanidina taminy, satria tsy tahotra tsy henatra izy mihantsy fotsiny izao ny federasiona, ary ny fideraderana nataony dia mametraka enta-mavesatra eo andamosin'ny mpilalao, toy ny fidradradradrana hoe niantohako ny fandehanan'ireo mpilalao any amin'ny "classe affaire", fa tsy mendrika ny "classe economique" fa miforitra be hono. Ny Alarobia hariva indray dia nasaina teny amin'ny Lapan'i Mavoloha ireo mpilalao niaraka tamin'ny mpanazatra, fotoana tokony hialantsasatra sy fiomanana ara-tsaina hifantoka tanteraka amin'ny lalao ho atrehana ny ampitso, kanefa dia fanasana tsotra izao no natao, izay azo antoka fa tsy maintsy niteraka havizanana ho an'ireo mpilalao.

Ny vaovao navoaka dia nanambara fa notsofina rano teny andapa ireo mpilalao mba handresy, kanefa dia indrisy fa tsy zava-mahery ilay tsodrano, tsy dia atao mahagaga aloha izany satria isaky ny mitsodrano ity filohantsika ity dia zavadoza hatrany no aterany.

Tsy mbola maty ao antsaina ny tsodrano nataon-dRajoelina ny 26 Janoary 2009 teny Andavamamba, izay nilazany hoe : "tsofina rano ianareo izay ho any amin'ny Mbs Anosipatrana", fa izaho handeha hody, ny 07 Febroary 2009 indray dia mbola niteny tamin'Ingahy Monja Rondefo indray ity mpitsodrano nanao hoe :"tsofina rano ianao Andriamatoa Praiminisitra, raiso ny Lapan' Ambohitsorohitra", dia samy mahatadidy isika fa doro trano sy fandrobana no niseho teny Anosipatrana ary fatiolona mikararana no nisy teny Ambohitsorohitra, ary ny tamin'ny Alakamisy 02 Septambra 2021 teo dia nibaby kitra teny ampahatra ny mpilalao baolina kitra Malagasy, ny dikan'izany vao mainka voaporofo hatrany ny tsy fahombiazan'ny tsodranon-dRaprezy.

Ny Valosoa

Tanora RMDM

Lany amin'ny fisehosehoana tsy mitera-bokatsoa ny volam-panjakana

Manoloana ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana, nisy ny fanambarana nataon'ny Tanora RMDM : Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara. « Izahay dia mahatsapa fa :

-Lanilaniana fahatany ny volam-panjakana, ka raha tokony hahavitana fotodrafitrasa sy hanomezana asa hoan'ny tanora dia laniana amin'ny fisehosehoana tsy mitera-bokatsoa.

-Tsy mahita vahaolana amin'ny fiakaran'ny vidin'entana ny mpitondra nefa tsy afaka mampiakatra ny fahefamividin'ny olona.

-Ampiasain'ny fitondrana ho herim-pamoretana ny mpitandro filaminana, ka tsy mampanjaka ny demokrasia.

-Nahitana tsininy ny governemanta vao notendrena tao anatin'ny telo andro niasany.

-Atao tantely afa-drakotra ny harem-pirenena, toy ny volamena 73.5kg, ny vatosoa 8 kaontenera, ny volan'ny COVID 19, ny écran plat sy ny "bonbon sucette", ny fanafody 2 kaontenera nanjavona.

Noho ireo antony ireo dia mitaky izy ireo:

Ny fametraham-pialan'ny filoha Rajoelina.

Ny fandravana ny governemanta Ntsay, mba ho tombontsoan'ny vahoaka Malagasy.

Famoahana tsy misy fepetra ireo nogadraina ara-politika sy ireo mpandraharaha tsy mitovy firehana.

Manainga ny hambompon'ireo tafika, mba hijoro ho tandroka aron'ny vozona, ka hiaro ny vahoaka sy ny fananany.

Nilaza ihany koa izy ireo, fa raha tsy hiala mora ny mpitondra dia hanamafy ny hetsika, ka hidina an-dalambe toy ny nataon'ny mpitondra amin'izao tamin'ny 2009. Miantso ny tanora ho tonga hanamafy ny hetsika izay hatao ny 11 Septambra ho avy izao any Antsirabe, mba hanehoana firaisan-kina".

Nangonin'i Stefa

Ireo tanora RMDM nanao fanambarana omaly, tao Bel'Air Ampandrana.

TONONKALO

Zéro ariary any amin`ny sekolim-panjakana ?

Aminay "ny maimaimpoana" dia tsy misy vola aloa.
`Zay mahafeno ireo fepetra dia horaisina avokoa.
Tsy `zany anefa no miseho Andriamatoa Filoha hajaina,
Ka mampiaka-peo ny maro sady tena mitaraina.

Samy manana ny alainy ireo sekolim-panjakana,
Telo alina isan-jaza raha ny anay eto an-tanàna.
Izany ve no tsy mandoa, izany ilay zero ariary,
Sa `zahay no diso fihaino, tsy mahazo ny kabary ?

Aminay ny maimaimpoana dia tsy misy vola aloa.
`Zahay tsy te hahalala intsony hoe misy an`itsy na iroa.
Ka raha ny fampandoavam-bola dia tsy azonay ekena
Fa mifono famitahana sy karazana hafetsena.

Risoriso moa tsy ferana, f`efa lasa fahazarana.
Vola an`aliny no aloa dia indro fa voaray ny anarana.
Ireo izay manamanam-bola no miroso ho amin`izany.
Tsisy akory fitsapana fa dia raisina avy hatrany.

Aminay "ny maimaimpoana" dia tsy misy vola aloa.
Maminay ny handefa hianatra an-dry Koto sy ry Soa,
Ka aoka hojerena akaiky fa mijaly ireo sahirana,
Ny amin`ny fitakiana an`aliny mba ho saram-pampidirana.

`Ndeha ka tano sy ampiharo ity ilay hoe "zero ariary",
F`aza tanana ho teny na hajanona ho kabary.
Nisy fizaràn-kitapo miampy "akanjo fanamiana".
Tamin`ny "dada" vita izany ka nahoana aty aoriana ?

Andeha tohizo ny asa tsara izay nataon`ny teo aloha,
Fa aza faly misavoana ianao Andriamatoa Filoha.
Andeha jereo akaiky koa ny sehatry ny fampianarana,
Noho ny ataonareo dia potika ka ilana fanamboarana.

TSIMIMALO (03-09-21)